## Ady amin'ny mosary

**Rajoelina irery no tsy manaja ny hafatr'Andrianampoinimerina** 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 17 oktobra 2019 Laharana 967

Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Zafilahy Stanislas** 2

Ny sabotsy izao ao amin'ny Magro Behoririka ho fiatrehana ny fifidianana

**Sefo fokontany sy kandidàm-panjakana** 2

# Miketrika hala-bato izy ireo hoy Ravalo



**Raharaha Ambohitrimanjaka** 2

# Fanitsakitsahana ny zon'olombelona sy ny maha-olona



**LALANA SOARANO-AMBOHIMANARINA** 5

Misy ny fandaminana vaovao nataon'ny CUA



**Andry Rajoelina** 3

Vato fototra mipoapoaka ny vahoaka tsy milaoka

**Arlette Ramaroson** 3

Fandikan-dalàna ny fanendrena governora nefa mangina ny HCC

**Fanamboaran-dalana** 6

Tsy 40 km fotsiny fa 160 km eo ny RN44 Andriamatoa Filoha

**Daka kely**

Mampiseho makety sy fototra tsy ho vita foana ve rehefa propagandy ry Boaikely a !

**Ady amin'ny hosoka** 7

**Vola sandoka 20 tapitrisa Ar saron'ny mpitandro filaminana**



SEFO FOKONTANY SY KANDIDÀM-PANJAKANA

# Miketrika hala-bato izy ireo hoy Ravalo

Hanova fomba fiasa matipaika mandritra ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana Kaominaly, mba hahafahana mametraka ny Kandida Randriamasinoro Riana izay mitondra ny laharana faha 2, ho Ben'ny tanànan' Antananarivo Renivohitra miaraka amin' ireo Mpanolotsain'ny tanàna ny antoko TIM manomboka izao. Io no ni- songadina nandritra ny lahateny nataon'ny Filoha Ravalomanana Marc te-tsy amin'ny Q.G Tim Bel'air omaly maraina, nandritra ny lanonana fampahafantarana tamin'ny fomba ofisialy amin'ny fahavononan'ny antoko TIM, hiatrika ny fifidianana Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, sy manerana ny Nosy. Nilaza ny Filoha Ravalomanana Marc nandritra ny lahateny natao-ny, fa hiezaka hampaha- fantatra ny olona tsirairay amin'ny alalan'ny "Porte à porte" ny anjara asan'ny Ben'ny tanàna sy ny fampahafantarana ny kandida Randriamasinoro Rina ny mpiara-miasa sy ny mpikatroka rehetra. Mba hahafahana manatanteraka an'izany hoy ny Filoha Ravalomanana dia tokony hiray hina avokoa ny mpanohana sy ny mpiara-mitolona, ka hanaraka antsakany sy andavany ireo toromarika omen'ny tompon'andraikitra amin'ny TIM foibe. Nanohy nanazava ny Filoha Ravalomanana Marc fa tokony ho- raisin'ny mpiara-mitolona am-pahendrena ireo namana tonga hanatevin-daharana ny antoko TIM mandritra ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana, izany hoe mbola misokatra amin'ny rehetra tsy ankanavaka Rina N°02 sy ny ekipany. Nanamafy ity mpitarika ny antoko TIM ity, fa tokony ho hentitra ny mpiara-miasa amin'ny fanaraha-maso ny lisi-pifidianana sy ny isan'ny olo- na monina eny anivon'ny Fokontany, mba hialana amin'ny hosoka sy ny hala-bato, izay mety hataon'ny Sefo Fokontany miaraka amin'ny kandida mpifanandrina, na ny kandidàm-panjakana no marimarina kokoa. Momba ny resaka governora, tsy aradalàna izany hoy Dada ary tokony hiteny fa tsy hangina mahakasika iza-ny ny HCC. Momba ny raharaha Ambohitriman- jaka, mbola misy ny fanadihadiana atao momba ny tontolo iainana amin'ny fanaovana tetikasa lehibe toy itony, hoy izy. Raha totofana koa io hoy izy dia ho difotra Antananarivo. Nilaza kosa ny kandida Randriamasinoro Riana nandritra ny fandraisam-pitenenana nataony, fa vonona tanteraka ny tenany amin'ity fifidianana Ben'ny tanàna ity ary nanamafy ny traik'efa eo amin'ny fitantanana ny tanàna sy nanamafy ny fiaraha-miasa miaraka amin' ireo Kaominina any amin' ny firenena vahiny toy ny tanànan'i Paris sy ireo tanàna any Etazonia, taorian'ny fitsidihana nataony tany Frantsa sy tany Etazonia. Farany, nanentana an'ireo olona sy fikambanana maro samihafa eto Antananarivo, mba hifanome tanana sy hiaramiasa amin'ny kandida Randriamasinoro Rina amin'ny fanatanterahana ny fandahara'asany amin' izao fampielezan-kevitra sy ny fifidianana Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra izao. Nanamafy ny Solombavambahoaka Hanitra Razafimanantsoa, fa ny fanaraha-na ny fitsipi-pifehezana ho an'ny mpikambana ao amin'ny antoko TIM no hery lehibe ahafahana mampandany ny kandida Randriamasinoro Riana ary ny handrombaka fahefana sy ny fitondrana hatrany no tanjon'ny antoko TIM amin'ny fifidianana izay andraisany an- jara manerana an'i Madagasikara. Tonga nanohana sy nanome voninahitra ny lanonana tetsy Bel'Air ireo Solombavambahoa-ka TIM eto Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina ary ireo Solombavambahoaka avy any amin'ny faritra. Nanotrona ihany koa ireo mpiara-miasa amin'ny antoko TIM, sy ny mpanohana mavitrika rehetra, ka ny fandresena no tanjona hoy ireo mpitolona.

***Franck Razakambelo***

Zanak'Ambohitrimanjaka

# Tsy mankasitraka hatramin'ny farany ny fanotofana tanim-bary ny mponina

Tsy misy manaiky ny fanotofana ny tanim-bary eny Ambohitrimanjaka ny olona eny an-toerana na dia iray akory aza, hoy Andriamatoa Randrianaivo Erick, mpandraharaha sy mpamboly vary eny Ambohitrimanjaka no sady solontenan'ny terak'Ambohitrimanjaka. Nikoropa-ka ny olona rehetra teny Ambohitrimanjaka hoy izy raha naheno fampilazana fa hafindra any Bevoay ny mponina raha toa ka tsy nisy ny fampahafantarana mialoha an'ireto farany mikasika ny fisian'ny fanotofana tany. Nanohy nanazava ity mpandraharaha no sady mpamboly vary ity fa maherin'ny 90% ny mponina eny Ambohitrimanjaka dia mivelona amin'io toerana io avokoa na mpamboly vary ; na mpiompy; mpanao asa tanàna ; mpanamboara biriky. Tsy misy akory ny fakankevitra nataon'ny fitondrana ho an'ireo olona monina eny Ambohitrimanjaka ireo na hanaiky na tsia mikasika ny famindrana azy ireo any Bevoay. Tsy mankasitraka velively ny tetik'asa Tanamasoandro izay hapetraka eny Ambohitrimanjaka ny mponina ary lovan-drazan'izy ireo io tanim-bary io, ka dia manan-kasina amin'izy ireo izany. Voafitak'ireo olona mpisolelaka sy mpiara- miasa aminy ny filoham-pirenena mikasika an'ity fanatanteraha-na ny tetik'asa Tanama- soandro ity. Nanohy nanazava ity mpamboly vary sy mpandraharaha eny Ambohitrimanjaka ity, fa tokony hasehon'ireo olona mpiara-miasa amin'ny filoha Andry Rajoelina ny tena atao hoe fitiavan-tanindrazana satria niaro fatratra ny raharaha Soamahamanina ry Randriamananoro Augustin sy Lalatiana Rakotondrazafy ary ny Solombavambaho-aka Rakotondrasoa Fetra tamin'ny fitondran'ny Filoha Hery Rajaonarimampianina. Mangina anefa izy ireo ankehitriny, nefa tsy dia misy mahasamihafa azy ny raharaha Ambohitrimanjaka sy ny raharaha Soamahamanina. Manao antso amin'ireo vondronkery rehetra izay mandala ny tena fitiavan-tanindrazana sy ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany ny zanak' Ambo- hitrimanjaka hanohana ny tolona izay ataon'izy ireo, izay tsy misy idiran'ny politika na kely aza. Niezaka nanatona ny Cnidh: Sampandraharaha misahana ny fiarovana ny zon'olombelona ny zanak'Ambohitrimanjaka, ny talata teo, nifampiresaka tamin' ny tompon'andraikitra mikasika ny fiarovana ny zon' olombelona, manoloana ny fanatanterahana ny tetik'asa Tanamasoandro.Tsy Ambohitrimanjaka irery ihany no voakasika an'ity tetik'asa Tanamasoandro ity, fa voafaoka ihany koa ny kaominina Ambohidrapeto sy Ankadimanga ary Fiombona-na.

***Franck Razakambelo***

Zafilahy Stanislas

# Ny sabotsy izao ao amin'ny Magro Behoririka ho fiatrehana ny fifidianana

Ho fiatrehana ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ho avy, misy ny fanambarana avy amin'ny depiote teo aloha tany Vavatenina Zafilahy Stanislas ho an'ireo mpom- ba sy mpanohana ny filoha Marc Ravalomanana rehetra tsy ankanavaka. Mahatsiaro manana adidy sy andraikitra aho hoy izy manoloana an'izany: mialoha, mandritra ary aorian' izany fifidianana izany. Noho izany dia ilana fifandaminana maty paika iza-ny adidy masina ho an' ny tanànantsika izany , koa miangavy antsika rehetra tsy ankanavaka mba sa-my ho tonga eny amin ' ny Magro Behoririka ny sabotsy 19 oktobra 2019 ho avy izao amin 'ny 2 ora tolakandro tsy diso, ho fanohanana ny kandidà Rina N°02 eto Antananarivo. "Ny tonga miaraka dia fanombohana fa ny miasa miaraka no fahombiazana".

***Stefa***

Filohan'ny Antenimierandoholona

# Mpandamina ny savorovo amin'ny fiaraha-monina koa ny senatera

Miatrika fivoriana ara-potoana faha-2 amin'ity taona ity ihany koa ny An- tenimierandoholona. Nanomboka ny talata teo koa, tao amin'ny Lapan' ny Antenimierandoholona Anosikely izany fivoriana izany, izay handinihana ny tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2020, fivoriana haharitra 60 andro. Ny lanonana dia teo ambany fitarihan'ny Filohan' ny Antenimierandoholona Rivo RAKOTOVAO, notronin'ireo Filohan'ny Andrimpanjakana sy ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta, natrehin' ireo Loholon'i Madagasikara sy ny mpiasa ao amin'ny Antenimierandoholona. Nandritra ny lahateny nataony ny Filohan' ny Antenimierandoholona Rivo RAKOTOVAO dia nankasitraka ny Filoha tamin'ny nanomezany fanampim-bola entina hana- tsarana sy hanatanterahan'ny Loholona ny asa- ny sy ny nankatoavan'ny fitondrampanjakana ny sata mifehy ny mpiasan' ny Antenimierandoholo-na, izay tanteraka soa aman-tsara ankehitriny. Nisaotra manokana ireo Filohan'ny andrimpanjakana izay ton-ga nanatrika ny lanonana ihany koa izy amin'ny fifanotronana sy ny fifanajan' ny samy Andrimpanjaka-na, satria mifameno kanefa manaja ny fisarahampahefahana ihany koa, mba hahafahana manatanteraka ny tanjona iraisana dia ny fampandroso- ana ny firenena izany. Nampahatsiahy ny anjara andraikitry ny Loholona ihany koa izy sy ny tamberin'andraikitra andrasan'ny vahoaka tamin'ny fahefana izay nampindramina azy ireo mandritra ny fotoana izay maha eo amin' ny toerany azy. Navoitrany tamin' izany koa fa adidin'ny Loholona ny manazava ny sain'ny vahoaka Malagasy manoloana ny zava- misy eto amin'ny firenena ary koa mandravi-na ny zava-manahirana sy ny savorovoro eny amin'ny fiaraha-monina. Ankoatra ny fandinihana ny volavolan'ny lalànan' ny tetibola, mbola hiverina ho dinihana ao amin'ity andrimpanjakana ity koa ny volavolan-dalàna hifehy ny mpano- hitra, sy volavolan-dalàna, na tolo-dalàna hafa.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Raharaha Ambohitrimanjaka

### Fanitsakitsahana ny zon'olombelona sy ny maha-olona

Tsy mbola hita soritra resy tosika ny fahantrana eto Madagasikara amin'izao fotoana maha eo amin'ny fitondrana an-dRajoelina izao. Tsy misy fivoarany hatreto ny lafiny maha olona, fa nihemotra aza raha miohatra ny tamin'ny taon-dasa. Voalaza fa any amin'ny laharana faha-161 amin'ny firenena 189 i Madagasikara raha tany amin'ny laharana faha-158 tamin'ny taon-dasa. Tondro iray itarafana ny tsy fandrosoan'ny firenena io ary tsy misy iadian-kevitra. Ny tarehi-marika sy ny antontan'isa samihafa maneho izany dia ahatarafana izany avokoa.

Nambara fa eo amin'ny 5% eo ny taha-pitomboan' ny toekarena tamin'ity taona ity. Tsy hita soritra ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiainam-bahoaka andavanandro. Mbola mitoetra hatrany ny 92% amin'ny Malagasy izay tsy mahazo 2 dolara akory, izay endrika maneho mazava ny fahantran'ny vahoaka eto Madagasikara. Tsy hahatratra ny 6% akory izany taha-pitomboana ara-toekarena izany amin'ny taona ho avy fa mbola latsaka hanodidina ny 5% mahery. Ny vahoaka ihany koa anefa etsy andanin'izany miha- mihazakazaka ny fitombony. Midika izany, fa ny eo ihany no eo, tsy hisy fihatsarany ny fampivoarana ny lafiny maha olona, na ny fiainam-bahoaka andavanandro. Izany hoe mbola ho lavitr'ezaka ny handresena ny fahantrana eto Madagasikara.

Manampy trotraka ny fahantrana efa mby an-koditry ny vahoaka Malagasy, ny fitombon'ireo tanora miditra eo amin'ny tsenan'asa isan-taona manampy isa ireo efa aman-tapitrisany tsy manana asa sy niaina izany ihany koa efa aman-taonany maro indrindra tato anatin'ny 10 taona farany. Tsy nahita vahaolana tamin'ny fampananan'asa azy ireo ny fitondrana Rajoelina, kanefa tena andraikiny izany. Nandrava orinasa sy nanafoana asa marobe aman'hetsiny izy sy ireo niara-dia taminy tamin'ny taona 2009-2010 tao anaty fanonganam-panjakana nataony. Io hetraketraka nataon'izy ireo io no rangory fototry ny fikorosofahan'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy aman-tapitrisany noho ny tsy fananana asa sy fivelomana tsara intsony. Varavarana nidanadana ho azy ireo tamin'izay fotoana izay mandraka ankehitriny ny fahantrana, ary latsaka lalina ao anatin'ny mangitsonkitsoka ao anatin'izany izy ireo.

Inona no vahaolana nentin'ny fitondrana Rajoelina iadiana amin'ny fahantrana? Hatreto na nambarany aza fa misy ny programany amin'izany dia karazany fampanantenana poak'aty ihany ho an'ny maro. Iaraha-mahita ny zava-misy iainan'ny vahoaka isan' andro. Ireo vitsy an'isa mpanefoefo manontany ny ory teratany sy vahiny no miadam-pinaritra eto migoka ny haren'ny firenena. Ny vahoaka maro an'isa, giazan'ny fahantrana sy rotehiny, izay toy ny "valala an-karona" tokoa, mbola maizina ny hoaviny. Tsy mbola ho amin'ny taona ho avy no hisian'ny tsilompanantenana hahatsara ny fiainany. Jereo ity manjo ny mponina eny Ambohitrimanjaka ity… Ny mahaolona azy ireo mihitsy no potehin'ny fitondrana ary izany dia ao anatin'ny fanitsakitsahan'izy ireo zon' olombelona ihany koa, zon'ireo vahoaka ireo no hiaina eo amin'ny tany izay efa najariany hatramin' izay, fa tsy ho roahina hiala eo izy ireo ka halefa any amin'ny toerana tsy mbola fantatra, na eto Madagasikara ihany aza. Zon'ny olona no misafidy ny toerana ivelomany fa tsy atao amboletra fotsiny izy ireo,…

***Radafy***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanolorana ny kandida Riana Randriamasinoro tao Bel'air omaly.










**FI.MPI.MA ANTSIRABE**

## Namarana ny jobily faha-15 taona nijoroany

Namarana ny fankalazana ny faha 15 taona nijoroany ny Fikambanan'ny Mpikabary Malagasy eto Vakinankaratra. Raha tsiahivina dia ny taona 2004 no niorina ny FI.MPI.MA Antsirabe, ka izany no nanaovana ny fankalaza tamin'ity taona ity, izay nofaranana tamin'ny sabotsy teo ny faha 15 taona, nifanindran-dalana tamin'izao ny fanokafana ny taom-pianarana 2019-2020. Ankoatr'izay natao teto ny "Fananterana" izany hoe fandraisana mpikambana raikitra ireo mpikabary nivoaka tamin' ny taon-dasa na talohan' izay, ny fanolorana maripankasitrahana ireo nahefa be teto amin'ny Faritany, ka tody amin'izao faha 15 taona izao. Mbola hisy araka izany fanolorana mari-pankasitrahana eny anivon'ny sampana ary narahina fampisalorana lamba sy fametahana "fango" ireo mpianatra kabary miisa 30 mahery. Ara-tantara dia ireo mpanjaka vehivavy no tompon'ny teny, ka nanentana indrindra ireo vehivavy mba hianatra sy hiofana kabary Ramatoa Filohan'ny Faritany FI.MPI.MA Antsirabe Ramatoa Ranaivozandriny Raharimalala. Maharitra herintaona ny fianarana kabary, efa manodidina ny 1000 ireo nahavita fiofanana: misy ireo any ivelany, any amin'ny faritany ary misy eto an-toerana ihany. Vina ny 15 taona manaraka ny ezaka amin' ny fanatonana ireo sekoly hampitana sy hampianarana ny zandry zanaka ny soatoavina malagasy izay milomano tanteraka ao anaty fanatontoloana. Hisy ihany koa ny fitsidihana ny sampana toy ny sampana vaovao ao Mandoto. Nanatrika sy nanome voninahitra izany famaranana ny fankalazana ny faha 15 taona Faritany FI.MPI.MA Antsirabe izany ny Tale misahana ny Raharaha Ankapobeny sy ny Lafintany, ny solontenan'ny Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina, VOARABE solontenan'ny Filoha FI.MPI.MA manerantany, tao amin'ny Espace N & C Mandaniresaka.

***Lezama***

## Sakafo Ny Valosoa



**Anana sy akoho** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Raha akoho gasy izany dia azo atao rony, no sady azo atao ketsaketsa, fa raha akoho fakana nofo kosa dia tsara raha atao ketsaketsa ihany ity laoka ity. Asio lasary kôkômbra miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny voankazo "datte"



Ny soa azo avy amin'ny voankazo datte indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:

- Ny "datte" dia loharano manankarena "fibres", mitazona ny rafi-pandevonan-kanina salama tsara izy ireo ary mitsabo ny fitohanana mifandray amin'ny vohoka.
- Ny "datte" dia manome proteina ampy ilaina amin'ny fananganana asidra aminés, ilaina amin'ny fitomboan'ny vatana. Izy dia loharano tsara amin'ny "folate". Ny "folate" dia misoroka ny tsy fahatomombanana hatrany am-bohoka mifandraika amin'ny ati-doha sy ny tadin'ny hazon-damosina.
- Raha mihinana "datte" ny reny dia mahafeno ny filan'ny otrikaina K

rehefa mampinono ilay zaza. Ny otrikaina K dia manampy amin'ny fitomboan'ny taolany sy fahatsaran'ilay zaza. Izy dia manome mahafa-po ny votoatin'ny "fer" ilaina mandritra ny fitondrana vohoka iadiana amin'ny anemia, na tsy fahampian-drà.

Ity voankazo mamy mahafinaritra ity dia tsy fantatry ny maro loatra, nefa tena manankarena mineraly sy otrikaina tena ilaina amin'ny fiterahana. Ity voankazo ity dia miaro be amin'ny tsy fahasimban'ny zaza, misakana ny fiterahana tsy ampy volana sy afa-jaza. Mihinàna betsaka amin'ity voankazo ity isan'andro mba hisorohana ny fandidiana, na "césarienne".

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Ramena any Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'i Ramena any Antsiranana II, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, 20 km eo miala an'Antsiranana no misy azy, amin'ny baie na helodranon'Antsiranana. Voarakotra tara ny lalana Antsiranana Ramena, saingy lalana vita tara efa siamba tsy nisy fikojakojana. Ramena dia anisan'ny tora-pasika tsara indrindra eto Madagasikara mahasarika mpizahatany maro isan-taona, na vahiny, na teratany. Amoron-dranomasina ny tanàna, fa misy toerana 38 m miohatra amin'ny ranomasina ny haavony. Mpanjono ny mponina any, misy koa ireo mivelona amin'ny fizahantany amin'ny alalan'ny asa tanana isan-karazany, ny mpamboly sy mpiompy.



## NY TENY FIAINANA

**_Romana 8:3_**

*Fa izay tsy hain'ny lalàna, satria nofo ny nahalemy azy, dia vitan'Andriamanitra tamin'Izy naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny nofo ota sy ny amin'ny ota, ka nanameloka ny ota tao amin'ny nofo,".*

# Fanaovana tsinontsinona ny vahoaka ny raharaha Ambohitrimanjaka



**Andrianjatovo Tsiky Sarobidy TSiky :** tsy mety tsotra izao io Tanamasoandro io eh! Lehibe anie izany arivo hekitara izany e! efa ho in-30 an'ny 67 ha, dia hahita tany toy izany homena ireo vahoaka ve avy eo ny fitondrana.

**Haingo Mino Razafimahefa :** tokony hoe tany tsisy manazary no hanaovanao ny tetik' asanao fa tsy ny tany efa najarin' olona an-taonany maro, manao raha mora manana fotsiny. Tokony hijoro hatramin'ny farany ny vahoaka fa tena tsy rariny ny ataon'ny fitondrana Rajoelina.

**Amirale Van Alexandre :** Filoha lefitry ny Manangana Madagasikara Vaovao (M.M.V.): momba ny raharaha Ambohitrimanjaka, ny CAUSE D'UTILITE PUBLIC dia misy lalàna ny fomba fanatanterahana izany fa tsy ataotao fotsiny amin'izao Ary tokony HAJAINA ny Zon' ny tompo-tany , ny tsy fanajana izany dia midika fanitsakitsahana ny Zon'olombelona no sady fanaovana tsinontsinona ny Vahoaka . Maninona no HAFINDRA ANY BEVOAY NY VAHOAKA?? Mandeha mihoatra lavitra ny fahefana nomena azy ny Filoham-pirenena amin'izao fotoana.

**Land Voul :** marina mihintsy.

**Ako Nirinela Andrianaivomalala :** hametrahany an'ireo mpitsoa- ponenana avy any ivelany no maha maika azy amin'io.

**Razafintsalama Alain :** ahitsy kely, «fahefana azony» fa tsy nomena azy. Hosoka sy hala-bato mantsy no niakarany teo.

**Fara Malala Ralaiarison :** zany mitsy! Ny vahoaka no tompon'ny fahefana, ka rehefa atao tsinontsinona toy io Ambohitrimanjaka io izy ireo, tsy maintsy mipoaka ny sarom-bilany na ho ela na ho haingana.

**Lanto Rakotobe :** fa iza no hipetraka eo @ ilay building haorina eo? Ny gasy manam-bola? Ny karana? Sinoa? Sa ny tompon'ny tanimbary. Tsy ilay tena vahoaka no hipetraka amin'izany raha ho vita aza izany.

**Mamy Mah Mivazo :** tsy ho gasy tokoa aloha no hipetraka amin'ny building, indrindra ny ambany fa ho mpitazana zavatra TSARA fotsiny.

**Ramonjy Andriamahatanjato :** inona no tokony hatao ho an'ireo minia manampin-tsofina sy minia mikimpy amin'io raharaha io. Sahia ry vahoaka tompon'ny fahefana!

**Clément Emile Ravelonjato :** tsy mahalala ny toetsaina gasy mnihitsy ny filou efa nanandrana nanao fifindramonina isika fa tsy nety satria ny malagady vitsy no mety miala eo amin ny lovany, aleony mahantra eo amin'ny taniny toy izay hifindra lavitra any ka diniho ihany.

**Andriantsoa Mbolatiana :** ahitsio mihintsy fa mitady hanaonao foana sy zatra ny lalandririnina ry Rajoelina sy ry Hajo.

**Phi Razafimamonjy :** ampianaro mihitsy fa tsy ampy solaitra ka miteniteny foana sy manaonao foana izao fitondrana Rajoelina izao.

**Parany Jules :** ze miark @niza .....? Lan'voay. Zay miaraka amin'ireo mpitondra ireo no ho lanin'ny voay eo, mpitondra manaonao foana tsy manana vina.

**Andriamisara Randriamaherisoa :** raha ho @ utilité publique ilay fakana ny tanin' olona fa mbola mampametram-panontaniana hatreto sady manjavozavo hoe hoan'iza marina ilay villa Tanamasoandro ? Homena ny mpandraharaha ny tany hoy ny filoha nandritry ny fampielezan- kevitra nataony . Aiza amin' izany ny utilité publique ???? utilité ho an'ny mpandraharaha izany fa tsy ho an'ny vahoaka.

**Raissa Razaka :** mety saronana amilay teny hoe utilité publique hipasohana ny vahoaka, nefa ambadika bizina, double langage: mbola maro gasy tsy mahatakatra ! Tsy ho an'ny vahoaka mihitsy anefa ilay izy fa ho an'ny mpanam-bola, ilay vahoaka aza tadiavina hafindra any Bevoay, izay toerana lavitra dia lavitra ny misy ireo mponina ireo ankehitriny.

**Nirina Raobison :** ka inona ary ny vahaolana ry namako ? Proposition no andrasana eto. Raha amiko dia tokony hijery toerana hafa ny fitondrana, toerana malalaka tsy misy manajary, mbola midadasika i Madagasikara.

**Mamy Rajao :** an'ny gasy ny tany dia ohatrinona ny vidiny fa ny building an'ny karana sy ny vahiny. Mpivarotra tanindrazana amin'ny vahiny izany ity fitondrana Rajoelina ity, mpivarotra tanindrazana!

LALANA SOARANO-AMBOHIMANARINA

# Misy ny fandaminana vaovao nataon'ny CUA

Ho fanamafisana ny fanalalahana ny lalana, mba tsy hisian'ny fitohanan'ny fiarakodia lavareny manomboka eo Analakely mihazo an'i Behoririka mankeny Ankazomanga, araka ny toromariky ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana dia misy ny fandaminana vaovao mahakasika ny fizotran'ny fiarakodia nanomboka omaly alarobia 16 oktobra, araka ny fanambaràna nataon'ny sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Landy Raveloson. Ny fiara eo Analakely Soarano mihazo an'Ankazomanga sy ny vahalavan'Ambohimanarina sy ny boulevard de L'Europe dia avy hatrany dia afaka midina eo amin' ny tsenan'i Pochard manitsy mankeny Ankazomanga, fa tsy mandalo eny Behoririka intsony . Ny taxibe 114 , 105, 112 dia eo amin'ny Plaza Analakely no miainga ary tsy misy arrêt Bus raha tsy any amin'ny CEG Antanimena, tonga dia midina amin'ny tsenan'ny Pochard koa ireo taxibe ireo fa tsy mihodina any Behoririka intsony. Foana avy hatrany ihany koa ny fifanitsahana na Intersection eo amin'ny Jovena Antaniavo mihazo ny tsenan' Atody mankany Antohomadinika, sy ny avy any amin'ny Atody mankeny amin'ny Jovena Antaniavo, fa avy hatrany dia any Vassacos ny lalan'ny fiara rehetra mihazo an'i 67ha. Fanombohana izao hatao izao hoy ny Sekretera jeneraly ny CUA, Landy Raveloson ary araka ny fahitàna azy dia mety, ka hitohy any amin' ny faritra hafa izay tena ahitàna fitohanan'ny fiarakodia. Izao fandaminana izao dia iarahan'ny Agent d'assainissement ao amin' ny CUA, ny polisy monisipaly ary misy ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny polisy nasionaly .



*Tonga dia afaka manitsy eto amin'ny Pochard avokoa manomboka izao, ireo taxibe mankany Ambohimanarina.*

***Stefa***

Fifamoivoizana Antananarivo

# Natomboka ny fanokafana lalana 3 ho fanalefahana fitohanana

Natomboka ny talata teo araka ny nambaran'ny sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Landy Raveloson no nirosoana ny fanokafana sy fanalalahana lalana 3 eto afovoan-tanànan'Antananarivo ho fanalefahana ny fitohanan'ny fifamoivoizana, araka ny efa niomanana tamin'ny herinandro lasa teo. Izany lalana izany dia ny lalana eo amin' ny Pavillon Analakely mandalo an'i Soarano mihazo an'i Behoririka iny; ny lalana Petite Vitesse Isotry ka hatrany Ambodin'Isotry. Ireo lalana ireo dia anisan'ny lalana maro mpampiasa, indrindra ho an'ireo mpanao ny asa fitaterana. Araka ny nambaran'ity farany dia hisorohana ny fitohanan'ny fiarakodia miditra eto afovoan-tanàna, indrindra amin'izao fanamboarana ny lalana miditra ny tanànan'Antananarivo Renivohitra izao. Tsy tonga dia nanasazy ny tompon'andraikitra rehetra nanao ny asa fanadiovana sy fanalalahana, fa nisy ny fampianarana natao tamin'ireo mpandeha an-tongotra sy ny mpivarotra amin'izany, ataon'ireo tompon'andraikitra. Ny tsena natao ivarotana, ny arabe ho an'ny fiara ary ny trottoir ho an'ny mpandeha an-tongotra. Ho mafimafy kokoa ny fifampifehezana raha misy minia mikimpy mandà ny fandaminana ataon' ny kaominina aorian'izao fampianarana atao amin' ireo mampiasa lalana izao. Niara-nientana tamin'izao asa izao ny ekipan'ny boriboritany 6 eto Antananarivo Renivohitra. Amin'izao aloha dia ireo antsoina hoe point noir no tena nirosoana, fa hiitatra manerana ny faritra maro eto Antananarivo renivohitra izao fandaminana izao.



*Mpiasan'ny CUA mandamina fifamoivoizana.*

***Aly***

Zandary Vakinankaratra

# Tompon-dakam-pirenena eo amin'ny ASIEF 2019, lalao tsipy kanetibe

Ny ekipan'ny Zandarimariam-pirenena avy any Vakinankaratra no voahosotra ho tompon-dakam-pirenena eo amin'ny lalao tsipy kanetibe olon-telo miaraka, amin'ny ASIEF 2019, na ny fanatanjahantena eo anivon'ny mpiasam-panjakana eto amin' ny Nosy, fifaninanam-pirenena izay atao any Antsiranana amin'izao fotoana. Arak'izany, norombahin'ny Groupement Gendarmerie Vakinankaratra ny amboara nasionaly teo amin'ny taranja tsipy kanetibe (pétanque) an'olona telo io. Resin'izy ireo teo amin'ny isa 13 no ho 3 ny M.E.N, na ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena teo amin'ny lalao famaranana.

***Lita***

METY TSY HILAMINA INDRAY

# Bacc 2019 fihodinana faharoa amin`ny andro fahavaratra

Manahy indray ny maro, ny amin`ny tsy hilaminan`ny fihodinana faharoa manokana, amin`ny fanadinana back, izay hotanterahina manomboka ny alarobia 23 oktobra izao . Ny fanontaniana lehibe dia hoe ho vitan`ny minisitera mpiahy ve ny hikarakara izany, 4 andro aorian`ny valim-panadinana izay tokony hipetaka ny 19 oktobra ? Efa hita mantsy ny tsy fahombiazan`izy ireo tamin`ny fihodinana voalohany , ka raha 4 andro ve dia ampy hikarakarany ny lisitry ny mpianatra , ny efitra hanadinana sns…? Ny andro ity efa miditra amin`ny fahavaratra ary tsaroana tamin`ny fihodinana voalohany fa nisy ireo sekolim-panjakana niadinana izay nitete tsy nisy toy izany ny tafo toy ny tao Imerintsiatosika , araka ny re, ary nisy mihitsy ny tafo nentin`ny rivotra toy izay nitranga tany amin`ny lisea tany Andramasina. Be koa ny sekolim-panjakana tsy ara-dalàna ary tsy misy jiro manazava . Inona no antony tsy nanafoanana ny fihodinana voalohany, izay hitampoko hitam-pirenena fa nisian`ny fivoahan`ny laza adina mialoha sy ny kitoatoa samihafa toy ny fanontana laza adina tany amin`ny cyber , ny fahasamihafan`ny ora nanombohan`ny mpiadina satria tamin`ny taranja ny alarobia sy alakamisy dia nisy ny nanomboka tamin`ny 8 ora, nisy ny tamin`ny 9 ora, nisy ny tamin`ny 10 ora, ny fisian`ny mpiadina mbola nanao fanadinana tamin`ny 8 ora alina , ka labozia no nenti-nanazava, tamin`ny toeram-panadinana sasany. Teo koa ny fisian`ny laza adina 3 samy hafa hoy ny mpitsara tamin`ny taranja histo-geo. Menatra ny hanao dia miverina ve ny mpitondra satria izay mantsy ilay atao hoe famindram-pozaorana ? Sa dia ny fanaovana bontolo sy bao tsy mivily no tena mampalaza azy na mety na tsy mety ny ataony ? Tsy nofoanana ny fihodinana voalohany, iza no tena hahazo vahana amin` izany , tsy ireo nahita laza adina alohan`ny fotoana va , ka naninona raha nofoanana ? Misy ihany ny vola hoenti-mihetsika hahafahana mampanao fihodinana faharoa, ka nahoana no dia natao toy izao ity back 2019 ity ? Sa izay hahafalifaly sy hahafinaritra ny sasantsasany fotsiny no tanjon`izao fitondrana izao, fa tsy mijery mihitsy ny mahasoa sy mahatsara ny firenena ? Dia ho hita eo indray ny fihodinana faharoa, fa ny faniriana dia ny hilaminany sy ny tsy hisian`ny fivoahan`ny laza adina alohan`ny fotoana intsony, ary koa ny hilaminan` ny fanadinana amin` ny lafiny rehetra , ka mba ny mahay sy ny mendrika no ho afaka, fa tsy ireo nividy na nahita laza adina alohan`ny fotoana.




***Ny Valosoa***

Parlemanta

# Arovana mafy ny depiote IRD maro an'isa

Maika dia maika ny fananganana Vaomiera manokana handinika ny zo tsy azo anenjehana ny depiote( Immunité Parlementaire) mba hahafahana mampihàtra ny voalazan'ny Fitsipika anatiny , hoy ny filohan'ny Antenimieram-pirenena, Christine Razanamahasoa, nandritra ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy , ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimieram-pirenena , teny Tsimbazaza. Raha mahakasika ity vaomiera manokana ity no asian-teny, dia alaim-panahy ny rehetra hieritreritra fa mamofompofona fiarovana ny namana sy ny akamakama, fa indrindra ny Solombavambahoaka voafidy tamin'ny alalan'ny IRD , izay maro an'isa ao amin'ity andrimpanjakana mpanao lalàna ity izany tolo-kevitra izany. Satria ve mpomba ny fitondrana ny ankamaroan'izy ireo, hatramin'ny filohany, dia takiana hatsangana haingana ilay vaomiera mba hiarovana azy ireo raha sendra tojo fisamborana rehefa nandika lalàna? Efa nisy tokoa mantsy ny solombavambahoaka MAPAR voafidy tao amin' ny Boriboritany Faharoa , tamin'ny fotoan'androny , no tratra nitondra volabe tamin'ny baoritra tsy fantapihaviana teny Namontana izay tsy nisy tohiny intsony ny vokatry ny fanadihadiana hatramin' izao. Toa vitavita ho azy satria namana no voakasika, santionany ihany io tranga iray voalaza io fa mbola maro ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ireo Depiote akaikin'ny fitondrana no manararaom-pahefana hatramin'izao fotoana izao. Ekena fa tsy nilaza mazava ny filohan'ny Antenimierampirenena hoe: tsy azo samborina ny depiote, fa ilay Vaomiera kosa no handinika raha toa ka azo esorina ny "Immunité Parlementaire" na tsia. Izany hoe , apetraka dieny mialoha izany ny arofanina mahakasika ny solombavambahoaka . Fantatra tokoa mantsy fa ireo solombavambahoaka IRD no matetika ahitana olana tao anatin'ny fotoana fohy izay. Koa inona àry no mahamaika hametrahana io Vaomiera manokana io ? Izay ve no tena lalàna laharam-pahamehana dinihana hanasoa ny vahoaka sa ny tombontsoa manokana no ambony , no tsy maintsy hatsangana haingana tsy misy hatakandro izy ity ? Mipoitra sahady ny fitiavan-tenan'ireo Depiote maro an'isa, vao manomboka ny fivoriana eny Tsimbazaza eny. Tamin' ny nanaovan'izy ireo fampielezan-kevitra anefa , tsy nisy nilaza fa hiady ny fiarovana ny tenany ny Depiote IRD fa ny fiarovana ny vahoaka Malagasy no tena imatimatesany , hanao lalàna , ho tombontsoan'ny be sy ny maro. Nivadika izany ankehitriny, fa ny toerany aloha , vao ny vahoaka.

***Rajaonarimpanontsana***

Fanamboaran-dalana

# Tsy 40 km fotsiny fa 160 km eo ny RN44 Andriamatoa Filoha

Dedaka ery ny filoham-pirenena Andry Rajoelina fa izy irery ihany no filoha nanamboatra ny lalam-pirenena faha- 44 , mampitohy an'i Moramanga sy Vohidiala hatramin'izao, fa ny hafa teo aloha nanao fitaovana politika fotsiny. Aoka hazava fa manomboka eo Marovoay, miala kilometatra maro an'i Moramanga, mihazo an'Amboasary ihany, mirefy 4O km no nireharehana nametrahana vato fototra hanamboarana lalana, fa tsy ny 160 km eo mandrafitra ny lalam-pirenena faha-44 velively. Aza fitahana ny vahoaka Andriamatoa Filoha fa mbola tsy ny antsasaky ny lalana akory no atao dia lazaina fa vita ny lalana mampitohy an'Ambatondrazaka sy Moramanga. Tsy fantatra aza izany 40 km izany na ho vita na tsy ho vita. Handroso amin'izay Alaotra Mangoro sy ny sisa tsy voatanisa, hoy ny kabariny. Tsy mahagaga rahateo izany satria efa zatran' ny fampisehoana foana ny tenany , ary atao manakoako fa tena manao zavatra ity filoham-pirenena ity, tena mihazakazaka ny TGV. Raha tsiahivina ny tany aloha , dia efa nampanantena Andry Rajoelina , fa vitainy ny lalam-pirenena Faha-44, fony izy filohan'ny Tetezamita. Inona no teo ? Tsy nataony izany fa rehefa nanao fampielezan-kevitra fifidianana filohan'ny Repoblika vao nofohazina indray ilay izy. Ankehitriny vao mikoropaka manamboatra ilay lalana, amin'izany mbola ampahany kely ihany no atao. Vary mangatsiaka tamin'ny Tetezamita io , hoy ny Solombavambahoaka Fidel Razarapiera, voafidy tao Ambatondrazaka farany teo, ka fanohizan-draharaha no misy fa tsy Velirano vao noforonina taty aoriana. Terena ho ao anaty Velirano avokoa mantsy izay lazain'ny filoham-pirenena, ka na fotodrafitr'asa farany madinika aza no amboarina dia efa ao anatin'ny Velirano izay. Rehefa mikohaka na mievona koa ny filoha dia efa velirano koa izay. Mitohy amin'ity fanamboaran-dalana ity hatrany, tsy misy resaka ny lalan'i Brieville Kraoma, mihazo an'i Tsaratanana izay faritra isany mpamokatra ihany koa satria mbola itadiavana paika ampidirana azy ao anaty Velirano koa. Ny mpiasan'ny Kraomita moa amin'izao fotoana izao , mitaintaina toa sahobakaka ambodiriana amin' ny tsindry mahazo ny mpiasa, fa indrindra taorian'ny nanoloan'ny fanjakana ny mpitantana vaovao , namany, napetraka any an-toerana. Mbola olana hafa indray ny amin' iny.

***Rajaonarimpanontsana***

Ady amin'ny mosary

# Rajoelina irery no tsy manaja ny hafatr'Andrianampoinimerina

Mpanjaka hendry sady manantsaina nampihaiky ireo mpikaroka tantara Andrianampoinimerina, maro ny hafatra nampitainy, fa ny anisan'ny goavana indrindra dia ilay manao hoe: "Fahavaloko ny mosary"sy ny hoe " Izaho sy ny vary dia iray ihany" ary ny fahatelo dia manao hoe: "Ny be manana ny azy ary ny kely manana ny azy". Ny hevitr'ireo hafatra ireo dia mazava, mila miasa ny ambanilanitra handresy ny mosary ary ny fambolena dia laharampahamehana ho an'ny mpanjaka indrindra fa ny voly vary, ankoatr'izay dia tsy nataon'ny mpanjaka ambanin-javatra ny fitsinjovana ny sarangan'olona rehetra. Ireo mpitondra nifandimby dia samy niezaka nanome lanja ny hafatrin'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina avokoa, na tsy nilaza izany mivantana aza, Ny Filoha Tsiranana tamin'ny repoblika voalohany dia nametraka ho zava-dehibe ny politikan'ny kibo, narahin'asa izany satria nisy ny fandaharan'asa mazava tany amin'ireo faritra mamokatra toy ny Somalac ( Societé Malagasy du Development du Lac Alaotra), nikarakara ny voly vary tany Alaotra, ny Sodemo( Societé Malagasy du developpement de Morondava) nampandroso ny faritra Menabe. Tamin'ny repoblika faharoa ny Filoha Ratsiraka nanao ny tetik'asa LOVA( Lelavola Omena fa Vary ho Antsika), raha hazavaina tsotsotra ny LOVA dia fanentanana ny olompirenena handrotsa-bola hampandrosoana ny fambolembary. Tamin'ny repoblika fahatelo dia iaraha-mahalala ny ezaka goavana nataon'ny Filoha Ravalomanana nanao ireny "vitrine" namporisihana ny tantsaha hamokatra sy ny tetikasa PSDR nisahana ny tontolo ambanivohitra ary tsy azo adinoina ny fandaharan'asa MCA izay nitsinjo ny tantsaha tamin'ny resaka fananantany, tsy izay ihany fa teo koa ny Fanamby Rice Meal izay nanampy ny tantsaha tamin'ny fanangonam-bokatra nisorohana ireo mpijirika tany Alaotra. Tamin'ny repoblika fahaefatra dia niezaka ihany koa ny Filoha Rajaonarimampianina nikarakara ny tohadrano nanondraka ny faritra Bas Mangoky. Ny fitondrana notarihan'i Andry Rajoelina irery ankehitriny no sahy nanao tsirambina ny fambolembary, mahasahy mikasa hanototra tanimbary izay tsorina avy hatrany fa dia fanaovana tsinontsinona ny hafatrin'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina, izay nanao ho vaindohandraharaha ny fitsinjovana ny tantsaha , Vary no foto-tsakafon'ny Malagasy, noho izany dia rariny raha mijoro ny vahoakan'Ambohitrimanjaka, satria ny voka-bary dia tsy ho azy ireo ihany fa mahasoa ny hafa koa , ny dikan'izany dia ilaina ny firaisankinan'ny rehetra amin'ny vahoaka eny Ambohitrimanjaka.

Ny ***Valosoa***

Fahasalamana

# Mankalaza ny faha-40 taonany ny SALFA

Nanomboka ny alatsinainy teo, ka hatramin'ny Alahady 20 Oktobra ho avy izao no andro hanamarihana ny fankalazana ny faha-40 taonan'ny SALFA, izay sampan'asa misahana ny fahasalamana eo anivon'ny fiangonana loterana Malagasy. Eny amin'ny kianjan'Andohalo no anatanterahana izany mandritra ity herinandro ity, amin'ny alalan'ny seho asa, seho hery, ary seho kanto. Tonga mandray anjara amin'izao hetsika izao ireo Salfa rehetra manerana ny Nosy izay maneho ny asany ao anatin'ireo tranoheva maro amin'ny alalan'ny fampirantiana. Misy ihany koa ny fanaovana hetsika fandraisana an-tanana maimaimpoana sy fizahana maimaimpoana ny olona manana olana amin'ny fahitana sy amin'ny fihainoana. Hita eny ihany koa ny fiarahana amin'ireo mpiara-miombon'antoka izay manao fanehoana, ao ireo mpamatsy ara-panafody, sy ara-pitaovana medikaly. Ny tanjona lehibe amin'izao hetsika fankalazana izao, dia ny voalohany ny hanomezana voninahitra an'Andriamanitra ny amin'ny nahatrarana ny faha-40 taona; ny faharoa dia fampivondronana ihany koa ny Salfa rehetra mba ho matomatotra hatrany ary hitombo bebe kokoa; ary fahatelo fikendrena ahazoana mifandray amin'ny mpiara-miombon'antoka rehetra sy anehoana ny hery sy tanjaka ny Salfa eto amin'ny firenena sy hatrany am-pitandranomasina. "Salfa lehibe, matanjaka, modely ary mitory ny Filazantsara", io no vina lehibeny miatrika ny 40 taona ho avy raha ny nambaran'ny talen'ny Salfa, ny Dokotera Rasoarimanana Sahondra.

Marihina, fa misy ihany koa ny hetsika fifaninanana ara-panatanjahantena amin'ireo taranja samihafa, toy ny baolina kitra sy baskety, tanterahina eny amin'ny kianjan'Andohalo ao anatin'izao fankalazana izao.

***Radafy***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**12/10/19 hatramin'ny 19/10/19**

- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/ 020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 967-10-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

KAOMININA IVATO

# Tsy atao fitaovana politika ary tsy idiran'ny politika ny tsena vaovao

Manoloana ny feo mandeha aelin'ny sasany momba ny tsena vaovao eny Ivato, misy ny fanambarana avy amin'ny fiadidiana ity tanàna ity. Ny Fiadidiana ny Tanànan'Ivato dia mampahafantatra ny be sy ny maro fa efa manomboka ny fampidirana tsikelikely ny mpivarotra ho ao anatin'ny Tsenabe vaovaon' Ivato. Atao miandalana sy mirindra izany fidirana anaty tsena izany, mba hahafahana mamerina ny tanàna sy ny fifamoivoizana amin'ny laoniny. Marihana eto fa tsy idiran'ny resaka politika ary tsy misy fepetra politika koa ny fidirana ao anatin'ny tsena vaovao hoy ny fanambarana. Tsy tokony hisy koa ny kandidà hirotsaka ho Ben'ny Tanàna eto Ivato, ka hanararaotra hanao fitaovana politika ny fidirana anaty tsena. Fandaminana teknika ranoray ny mahakasika ny tsena ary hentitra ny kaominina amin'ny fanajana izany. Manao ny asa fandrindrana koa ny vaomiera manokana izay ahitana ny tomponandraiki-panjakana, distrikan'Ambohidratrimo, kaominina, komitin'ny mpivarotra sy ireo teknisianina.



*Ny tsena vaovao eny Ivato.*

***Nangonin'Isambilo***

Ady amin'ny hosoka

# Vola sandoka 20 tapitrisa Ar saron'ny mpitandro filaminana

Vola sandoka mitentina 20 tapitrisa Ar no saron'ny zandarimariam-pirenena tany Vavatenina faritra Analanjirofo afak'omaly. Rehefa nahazo vaovao avy tamin'olona tsara sitrapo iray ny Zandarimaria tao Fenoarivo Atsinanana, fa misy olona mitondra vola sandoka maro ho any Vavatenina dia natao haingana ny fijerena ifotony sy fanaovana sakana-fitsirihana (barrage). Tao Vavatenina no tratra ny fiara 4x4 pickup Ford Ranger iray, izay nitondra vola sandoka 20 tapitrisa Ariary sy vola tena izy 80 tapitrisa Ar. Olona miisa dimy no efa voasambotra ary mitohy ny fisavàna ny tranon'izy ireo ahitàna ny nametrahany ny vola sandoka ambiny. Ho tanterahana any Vavatenina ny faran'ity volana oktobra ity ny hetsika ara-kolontsaina sy ara-toekarena Festival Jenjery, ka heverina fa saaika haparitak'ireto olon-dratsy mandritra izany hetsika izany ireto vola sandoka ireto, izay saika afangarony amin'ny tena izy.

***Naina***

« Festival » MIARAKA andiany I

# Tanterahana ao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely

« Festival inclusif pluridisciplinaire » antsoina hoe Miaraka dia hetsika kanto, karakarain'ny kaompania Lovatiana, miara-miasa amin'ny Kaominina renivohitra Antananarivo (CUA) sy ny Masoivohon'i Espana, izay manome vahana ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny olona manana fahasembanana sy ny tsy manana fahasembanana, tanterahina etsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely ny 15 Oktobra 2019, ka hatramin'ny sabotsy 19 Oktobra 2019 ho avy izao. Hetsika ahitana fampisehoana dihy sy sangan'asan'ireo olona manana fahasembanana toy ny sary; asa tanàna…, misy ihany koa ny fianarana tendry tanàna sy ny fomba fifandraisana miaraka amin'ireo olona manana fahasembanana, fandefasana horonan-tsary, hita mandritra ny hetsika ny atrikasa sy famelabelaran-kevitra ho fampivelarana ny olona manana fahasembanana eto Madagasikara. Nilaza Ramatoa Rakotobe Ericka filohan'ny Kaompania Lovatiana fa ny fanomezana sehatra sy ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny olona manana fahasemanana no tanjona amin'ity hetsika « Festival « MIARAKA ity. Nanohy nanazava ity farany fa manamora ny fomba fiasa sy manampy betsaka ny namana jamba sy marenina ny fipetrahan'ny fifandraisana, mba hahafahan'ireto farany miditra sy mandray anjara amin'ny fiaraha-monina. Nanamafy Ramatoa Rakotobe Ericka, fa ho tonga hizara traikefa miaraka amin'ny mpisehatra amin'ny fampivoarana ny olona manana fahasembanana ireo vahiny avy any Alemaina sy La Réunion, koa dia manentana ny olona hirotsaka amin'ny fanampiana ny olona manana fahasembanana izy ireo.


***Franck Razakambelo***



***Atrikasa mandritra ny Fastival Miaraka tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 297




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0296)

***Mitsivalana***
- Sakalava
- Arina – Ry (Miv)
- Malina
- Aminao
- Ro (Miv) – Aty (Miv)
- Noely
- Avo – Voay (Miv)

***Mitsangana***
- Sampona
- Ara – Rov(a)
- Kila – Eo
- Lamina (Miv)
- Lany – YY
- Any
- Vy – Atao
- Aotra (Miv)

### TENY MIFANARAKA N° 297



**Mitsivalana**

**1.** Mpanakanto fahiny – Tsirin-teny Mpanao (Miv) **2.** Entimilaza – Nanaisotra **3.** Nandroso – Anaty rano **4.** Tiana – Fafa **5.** Lasopy, sakafo – Ao amin'ny mozika **6.** Mafana (Miv) – Teny fanairana **7.** Tampisaka – Foto-tenin'ny fonenana **8.** Ao anaty taolana – Kianteny (Miv) **9.** Saro-bahana indraindray **10.** Harena – Fianakaviana sambatra

**Mitsangana**

**A.** Ikopa, sisaony **B.** Hazan-drano – Haja sy voninahitra **D.** Faran-teny – Sahala (Miv) **E.** Fihaonam-be – Kanto **F.** Manakoako (Miv) – Simba, masiso (Miv) **G.** Sokafy – Firinga (Miv) **H.** Tsirin-teny Iharana – Vatany **I.** Tsinjaka – Matanjaka **J.** Mpanoritra – Nofy tapany **K.** Manadihady, manadina

### Valiny Teny mifanaraka 0296

**Mitsivalana**

**1.** *Seranana* **2.** *Mahalala (Miv)* **3.** *Savony* **4.** *Manolo (Miv) - Lao* **5.** *(O)ta - Arahana* **6.** *(O)ry - Rotary* **7.** *Rova (Miv) - Noa (Miv)* **8.** *Niadina (Miv)* **9.** *Ar - Mi - Na* **10.** *Tiana (Miv) - Tao*

**Mitsangana**

**A-** *Sosotra - Ma* **B.** *Oviala (Miv)* **D.** *Ravo - Ao* **E.** *Alona - Rary* **F.** *Nanary* **G.** *Miaramila (Miv)* **H.** *Na - Haody* **I.** *Antalaha (Miv)* **J.** *(R)ano - Ina* **K.** *Ambaarinaa*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fanolorana ny kandida Riana Randriamasinoro tao Bel'air omaly. (tohiny)













